REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2024

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-14

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA IRETO VOLAVOLAN-DALÀNA MANARAKA IRETO:**
**- LAHARANA FAHA-013/2024 TAMIN'NY 13 JONA 2024 «AUTORISANT LA RATIFICATION DES STATUTS DE L'AGENCE INTERNATIONALE POUR LES ENERGIES RENOUVELABLES (IRENA)»;**
**- LAHARANA FAHA-006/2024 TAMIN'NY 7 FEBROARY 2024 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DU PROJET D'AUTONOMISATION ET DE RESILIENCE DES FILLES EN AFRIQUE DE L'EST (PI 79293)-EAST AFRICA GIRLS'EMPOWERMENT AND RESILIENCE PROGRAM (EAGER), CONCLU LE 13 OCTOBRE 2023 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET L'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DEVELOPPEMENT (IDA)».**

Fivoriana faha-5
Natao ny
Zoma 25 Oktobra 2024
- Maraina -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA**: Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA**: Andriamatoa isany:
- ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin
- MILAVONJY Andriasy Philobert

**FOTOANA**: Zoma 25 Oktobra 2024 tamin'ny 10 ora sy 25 minitra, maraina.

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory: 54, tsy tonga: 108; voaalatsiny: 01

**FANDAHARAM-POTOANA**: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ireto Volavolan-dalàna manaraka ireto:
- Laharana faha-013/2024 tamin'ny 13 Jona 2024 «autorisant la ratification des Statuts de l'Agence Internationale pour les Energies Renouvelables (IRENA)»;
- Laharana faha-006/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'Autonomisation et de Résilience des Filles en Afrique de l'Est (PI 79293)-East Africa Girls'Empowerment and Resilience Program (EAGER), conclu le 13 octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Nitohy ny Zoma 25 Oktobra 2024 tamin'ny 10 ora sy 25 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.
Andriamatoa TOKELY Justin, Filoha no nitarika izany.

Andriamatoa ANDRIAMANALINARIVO Rainibemirindra, Mpandrindra lanonana eto amin'ny Antenimierampirenena no nandray fitenenana voalohany ka nambarany tamin'izany fa alohan'ny hanombohan'ny fivoriambe dia hisy lanonana parlemantera hatrehin'ny besinimaro.

Fiarahabana ny rehetra no nataony taorian'izay ary nambarany fa hisy ny fametrahana samboady ho an'ireo Solombavambahoaka telo mirahalahy dia Andriamatoa isany: MALAINKORATSY Jocelyn sy FREYDIER Michaël ary RAZAFINDRAKOTO Victor izay misolotoerana ireo Solombavambahoaka voatendry ho mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Taorian'izay, niangaviany Andriamatoa ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin, Mpitantsoratra, mba hamaky ny rijan-teny misy ny Didim-pitsarana avy tamin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ka toy izao no fivakin'izany:

**Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana**,

Didim-pitsarana laharana faha-37-HCC/AR tamin'ny 3 Septambra 2024 mikasika ny fampakaran-draharaha mba hizahana fototra ny fahabangan'ny toerana telo notanan'ny Solombavambahoaka voatendry ho mambra ao amin'ny Governemanta sy ny fanendrena ny handimby azy ireo.

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;

Araka ny Lalàmpanorenana;
Araka ny Hitsivolana laharana faha-2001-003 tamin'ny 18 Novambra 2001 anaovana ny Lalàna Fehizoro mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;
Araka ny Fanapahana laharana faha-02-HCC/DB tamin'ny 17 Septambra 2021 anaovana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana novàna sy nofenoin'ny Fanapahana laharana faha-03-HCC/DB tamin'ny 26 Oktobra 2021;
Araka ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2019-002 tamin'ny 5 Febroary 2019 manova sy mameno ny fepetra sasantsasany amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2018-010 tamin'ny 11 Mey 2018 mikasika ny Fifidianana Solombavambahoaka ao amin'ny Antenimierampirenena;
Araka ny Didim-pitsarana laharana faha-31-HCC/AR tamin'ny 27 Jona 2024 nanambarana ny vokatra ofisialin'ny fifidianana Solombavambahoaka tamin'ny 29 Mey 2024;
Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2024-1612 tamin'ny 22 Aogositra 2024 anendrena ny mambra ao amin'ny Governemanta;
Araka ny Lisitr'ireo mpilatsaka hofidiana tamin'ny fifidianana Solombavambahoaka tamin'ny 29 Mey 2024;

Rehefa nohenoina ny Mpampakateny,
Rehefa avy nifampidinihana araka ny lalàna:

<u>Andininy Voalohany</u>: Ny fampakaran-draharaha nataon'ny Filohan'ny Antenimierampirenena dia ambara fa ara-dalàna sy azo raisina.

<u>Andininy faharoa</u>: Ireo Solombavambahoakan'i Madagasikara, Ramatoa RAZAFINJATO Aurélie Marie Augustine, voafidy tao amin'ny fari-piadidiana ao Vohibato, Ramatoa SAHONDRARIMALALA Marie Michelle, voafidy tao amin'ny fari-piadidiana Fianarantsoa ary Ramatoa MARA Volamiranty Donna, voafidy tao amin'ny fari-piadidiana Nosy Varika, voatendry ho mambra ao amin'ny Governemanta dia miato avy hatrany amin'ny fotoam-piasan'izy ireo.

<u>Andininy fahatelo</u>: Hita fototra ny fahabangan'ny toerana telo notanan'ny Solombavambahoaka ao amin'ny Antenimierampirenena.

<u>Andininy fahaefatra</u>: Ambara fa voafidy ho Solombavambahoakan'i Madagasikara ao amin'ny Antenimierampirenena ireo mpilatsaka hofidiana mpisolotoerana ao amin'ny lisitra "ISIKA REHETRA MIARAKA AMIN'I ANDRY RAJOELINA", FREYDIER Michaël ao amin'ny fari-piadidiam-pifidianana Vohibato, Andriamatoa RAZAFINDRAKOTO Victor ao amin'ny fari-piadidiam-pifidianana Fianarantsoa ary Andriamatoa MALAINKORATSY Jocelyn ao amin'ny fari-piadidiam-pifidianana Nosy Varika.

<u>Andininy fahadimy</u>: Izao didim-pitsarana izao dia ampahafantarina ny Filohan'ny Repoblika, ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, ny Filohan'ny Antenimierampirenena, ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Ny Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana ary avoaka amin'ny Gazetim-panjakanan'ny Repoblika.

Nifampidinihana araka izany tamin'ny fotoam-pitsarana tsy ampahibemaso natao tao Antananarivo, ny Talata 3 Septambra 2024 tamin'ny 10 ora, maraina, ka anisan'ny tao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana:

Andriamatoa FLORENT Rakotoarisoa, Filoha;
Ramatoa RATOVONELINJAFY RAZANOARISOA Germaine Bakoly, Mpanolotsaiana Avo;
Ramatoa RAKOTOBE ANDRIAMAROJAONA Vololoniriana Christiane, Mpanolotsaina Avo;
Ramatoa RAKOTONIAINA RAVEROHANITRAMBOLATIANIONY Antonia, Mpanolotsaina Avo;
Andriamatoa MBALO Ranaivo Fdèle, Manolotsaina Avo;
Andriamatoa RASOLO Nandrasana Georges Merlin, Mpanolotsaian Avo;
Ramatoa RAZANADRAINIARISON RAHELIMANANTSOA Rondro Lucette, Mpanolotsaiana Avo;
Ramatoa ANDRIAMAHOLY RANAIVOSON Rojoniaina, Mpanolotsaina Avo.

Ary natrehan'i «Maître» RALISON Samuel Andriamorasoa, Lehiben'ny Firaketan-draharaha.

Manaraka ny sonia.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny famakiana ny ampahany tamin'ny rijan-teny mirakitra ny didim-pitsarana, Andriamatoa Mpandrindra lanonana.

Taorian'izay, nanasa ampanajana an'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena ny tenany hitarika ny lanonana parlemantera.

Toy izao no teny nataon'Andriamatoa TOKELY Justin, Filohan'ny Antenimierampirenena, tamin'ny fametrahana ny samboady ho azy telo mirahalahy:

Araka ny ny didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izay novakin'Andrimatoa Mpitantsoratra teo: izaho TOKELY Justin, Filohan'ny Antenimierampirenena dia mametraka eo an-tsorokareo ity samboady ity, amin'ny maha Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tamin'ireo Distrika izay misy anareo avy:
- Andriamatoa FREYDIER Michaël, Solombavambahoaka ao amin'ny fari-piadidiam-pifidianana Vohibato,
- Andriamatoa RAZAFINDRAKOTO Victor, Solombavambahoaka ao amin'ny fari-piadidiam-pifidianana Fianarantsoa,
- Andriamatoa MALAINKORATSY Jocelyn, Solombavambahoaka ao amin'ny fari-piadidiam-pifidianana Nosy Varika.

Koa mirary soa anareo hahaleo, hahalasana ary hahavita ny adidy aman'andraikitra hiantsorohanareo ho an'ny vahoakan'ny Distrika izay nahavoafidy anareo. Handidy hahita ny tonony ianareo ary hanapaka hahita ny vaniny, hahavita antsakany sy andavany ny asa eo anatrehan'ny fanjakana.

Misaotra Tompoko.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'izy telo mirahalahy, ka Andriamatoa RAZAFINDRAKOTO Victor, no nitondra ny fitenenana ary toy izao no nambarany:

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena,
Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra,
Ianareo solotenan'ny Governemanta manatrika etoana,
Ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina rehetra,
Ianareo olo-manan-kaja sy mpanao gazety,
Tompokolahy sy Tompokovavy;

Ny voalohan-teny dia fisaorana an'Andriamanitra tamin'ny nahafahana nanatontosa izao fametrahana samboady anay telo mirahalahy izao, koa voninahitra sy dera no omentsika Azy any an-tampon'ny lanitra ary fiadanana koa no homeny antsika amin'ity tany onenantsika ity.

Mialatsiny ny tenako raha mandray fitenenana raha mitondra ny teny ho anay telo mirahalahy amin'izao fametrahana samboady izao.
Misaotra betsaka anao, Andriamatoa Filoha, satria maro ny adidinao kanefa raha niresaka taminao izahay, taorian'ny nandalovana tany amin'ny Filoha Lefitra miasahana ny Faritanin'i Fianarantsoa dia nanaiky ianao ary notanterahana androany izany. Zava-dehibe aminay izao, Andriamatoa Filoha, koa sitraka sy telina no omenay anao, toky ihany koa no omenay anao fa tsy handraraka ilo mby an-doha izahay amin'ity Antenimierampirenena ity fa ny fanirianay dia mba ho ela fanapahana amin'ity toerana ity ihany koa ianao, handidy hahita ny tonony, hikapa hahita ny vaniny.

Izahay dia Solombavambahoaka voafidy tamin'ny lisitra IRMAR, mazava ho azy fa Solombavambahoaka manohana ny fanjakana kanefa manaja ny firaisankina ao anatin'ny fahasamihafana satria izay no lamina demokratika. Koa eo anatrehan'izany, manome toky anareo Solombavambahoaka izahay fa hiray hina isika mba ho tanteraka ny tenin'Andriamatoa Filoha hoe: i Madagasikara tsy maintsy mandroso. Tsy hagnome toky amin'ny sadamavo izahay, hoy ny fiteny avy ao Fianarantsoa, fa magnome toky amin'ny sandry mavo. Manome toky izahay, Andriamatoa Filoha, fa hanaraka antsakany sy andavany ary hotandrovanay toy ny anakandriamaso ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena. Tsy ho lava taria ny tenako satria mbola maro ny fandaharam-potoana hatrehintsika, koa teny telo no amintinako azy: mankasitraka, mankatelina.
Misaotra, Andriamatoa Filoha, ho ela fanapahana amin'ity Antenimierampirenena ity ianao.
Misaotra Tompoko.

Rehefa izany, niangavy ny Solombavambahoaka teo aloha izay lasa Minisitra, Andriamatoa Filoha, mba hiroso etỳ anoloana hiaraka haka sary amin'izy telo mirahalahy ho fahatsiarovana satria tonga manatrika izao fivoriana izao amin'ny maha solotenan'ny Governemanta azy ireo mikasika ny volavolan-dalàna izay hodinihana avy eo.

Taorian'izay, niroso tamin'ny lahadinika araka voafaritra teny ampiandohana ny mpivory.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nanambara fa mitohy ny fivoriana ary niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin, Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'Antananarivo.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra tamin'ny fanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha.

Rehefa izany, nanambara ny tenany, fa hiroso amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2024 tamin'ny 13 Jona 2024 «autorisant la ratification des Statuts de l'IRENA (Agence Internationale pour les Energies Renouvelables)» ny mpivory.

Niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Andriamatoa Filoha, mba hamaky ny tatitra momba izany, taorian'izay, ka Andriamatoa MAMIHAJA Charlot no nanatanteraka izany ary toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata 22 Oktobra 2024 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny; ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola; ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Akoran'afo sy ny Fampidirana Herinaratra sy ny Tokantrano ary ny Vaomieran'ny Lalàna, nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2024 tamin'ny 13 Jona 2024 «autorisant la ratification des Statuts de l'Agence Internationale pour les Energies Renouvelables (IRENA)».

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny tonga nanatrika ny fivoriana:
Andriamatoa isany;

1. RAZAFIMAHEFA Tianarivelo
2. AHMAD Ahmad
3. RAHOLIJAONA Harson
4. MAMIHAJA Charlot

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nivory:
Ramatoa sy Andriamatoa isany;

1. RAZAFIMAHEFA Tianarivelo
2. RAKOTOARISOA Johnny
3. RANDRIANASOLO Tojosoa Ideal
4. FIENENA Richard Désiré
5. RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle
6. MONG MANN Bismark
7. RAZAFINIMARO Desiré
8. TSARADIA Marco

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Akoran'afo sy ny Fampidirana Herinaratra sy ny Tokantrano tonga nivory:
Ramatoa sy Andriamatoa isany;

1. RAZAFINDRAKOTO Victor
2. OLIVIER Rabeamina
3. RAZAFINTSIHOARANA Edison
4. RATSIRAKA Sophie
5. BEFENO Todimanana
6. TARKA Jean Michel

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna, tonga nivory:
Ramatoa sy Andriamatoa isany;

1. RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle
2. MONG MANN Bismark
3. RAHOLIJAONA Harson

Ireto Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera, tonga nanatrika ny fivoriana:
Andriamatoa isany;

1. BOTOTEFY Herimanantsoa Odilon
2. RANDRIANASOLO Augustin

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta:
Ramatoa sy Andriamatoa isany;

| | | |
|---|---|---|
| 1. | ANDRIANTSOA Ny Solofo Thierry | SG/MEH |
| 2. | RAMIANDRASOA Sambatra | DG/MEH |
| 3. | RASAMIMANANTSOA Olivier Rija | DAJ/MEH |
| 4. | DIEUDONNE Virgiana Dalia | DAER/MEH |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana avy amin'ny Governemanta ny fitenenana mba hanazavan'izy ireo ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ireto teknisiana ireto fa ny IRENA dia fikambanana iraisam-pirenena izay misehatra amin'ny angovo azo avaozina ary najoro tamin'ny alàlan'ny fivoriambe iraisam-pirenena izay vita sonia tamin'ny taona 2009 ka anisan'ny nandray anjara tamin'izany i Madagasikara. Firenena miisa 168 no efa nanao sonia ny satan'ny IRENA. Ankehitriny, misy firenena 16 hafa tokony hankatoa ny satan'ny Fikambanana ka anisan'izany i Madagasikara. Vola mitentina 635 Dolara Amerikana no latsakemboka aloa isan-taona amin'ny maha mpikambana.

Ny tanjon'ny IRENA dia manampy ireo mpisehatra miankina na tsy miankina ao amin'ny firenena mpikambana miisa 168 mba hisitraka famatsiam-bola mifandraika amin'ny tetikasa izay kasain'izy ireo hatao momba ny angovo azo avaozina. Ny vinan'ny Fikambanana dia ny ahazoan'ireo mpikambana misitraka malalaka ny angovo azo avaozina sy manangana teknolojia afaka mifaninana amin'ny firenena hafa.

Anisan'ny andraikitra sahanin'ny IRENA ihany koa ny fampiroboroboana ny fankatoavana sy ny fampiasana ny angovo azo avaozina ary manamora ny fahazoana antontan-kevitra sy tohana amin'ny fanatanterahana tetikasa.

Raha ny firafitry ny IRENA dia ahitana ny "Assemblée" izay ivondronan'ireo mpikambana rehetra ary mivory indroa isan-taona, ny "Conseil" izay ahitana solotena avy amin'ny "Assemblée" ary ny "Secrétariat" izay tarihan'ny Tale Jeneraly.

Raha ny toerana misy an'i Madagasikara amin'izao fotoana izao dia anisan'ny "Observateur" ihany. Izany hoe, tsy manana fahafahana manapakevitra i Madagasikara satria tsy mbola nahavita ny fankatoavana ny satan'ny IRENA.

Namafisin'ireo teknisiana koa fa betsaka ny tombony ho azon'i Madagasikara raha mankatoa ny fidirana ao amin'ny Fikambanana IRENA ka anisan'izany:

- Ny fanamafisana ny fiarovana ny angovo rehetra;
- Ny famoronan'asa maitso;
- Ny fampiroboroboana ny fisitrahana ny angovo madio;
- Ny fanatsarana sy fiarovana ny ara-piaraha-monina;
- Ny fandraisana anjara amin'ny ady atao amin'ny "carbone" sy ny fanatsarana ny angovo.

Fehiny, raha toa hiditra ho mpikambana ao amin'ny IRENA i Madagasikara dia afaka misitraka ny angovo azo avaozina ka izany no antony itondrana ity volavolan-dalàna ity eto anivon'ny Antenimierampirenena mba hakana fankatoavana.

Taorian'izany, niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

**<u>Fanamarihana</u>**

1- Takiana ny fandoavana ara-dalàna ny latsakemboka raha hiditra ho mpikambana amin'ny IRENA isika;

2- Tokony handray anjara amin'ny fambolen-kazo ny Minisiteran'ny Angovo fa tsy ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana ihany no hisehatra amin'izany mba hiarovana ny tontolo maitso.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fametraham-panontaniana sy valiny ny mpivory.

**<u>Fanontaniana sy valim-panotaniana</u>**

1- Manana tetikasa mipetraka afaka aroso izay mifanaraka amin'ny filan'ny fikambanana ve isika eto Madagasikara?

Raha ny tetikasa dia efa misy maromaro ihany no haroso eo anivon'ny fikambanana fa miandry ny fankatoavana avy amin'ny fidirana ho mpikambana vao afaka manao izany.

2- Efa nisy firenena tahaka an'i Madagasikara mpikambana ve nahazo tombony tamin'ny fikambanana IRENA?

Maro ny firenena mpikambana nahazo tombony ka anisan'izany ny fanomezana torolàlana amin'ny fahazoana famatsiam-bolan'ny tetikasa sy ny tohana ara-kevitra sns…

3- Manome famatsiam-bola ny tetikasa ve io fikambanana IRENA io?
Tsy manome famatsiam-bola ny tetikasa ny fikambanana IRENA fa torolàlana amin'ny fanatanterahana ny tetikasa ihany no ataony.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fankatoavana ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2024 ny 13 Jona 2024 "autorisant la ratification des StatutS d'Agence Internationale pour les energies Renouvelables (IRENA)" ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra, naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2024 ny 13 Jona 2024 "autorisant la ratification des Statuts de l'Agence Internationale pour les energies Renouvelables (IRENA)" ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Filoha, taorian'izay.

Rehefa izany, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra novakiana teo ny mpivory, fa tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha ary avy amin'ny Solombavambahoaka ka aorian'izay ny solotenan'ny Governemanta raha misy fanitsiana hataony.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tiana Harivelo Edouard, nambarany fa takiana ny fandoavana ara-dalàna ny latsakemboka fa tsy tokony haloa ara-dalàna ny latsakemboka. Ao amin'ny pejy faha-4 no ahitana izany ary samy nanamarika an'izany daholo izay nandray fitenenana tany amin'ny asam-baomiera.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony ny Solombavambahoaka dia nomena ny solotenan'ny Governemanta indray izany raha toa manana fanamarihana momba ny tatitra izy ireo.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa JEAN Baptiste Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo, nambarany fa mazava ny tatitra teo fa ny fanamarihana dia resaka angovo izy ity. Izany hoe ny "Agence Internationale pour les energies renouvalables" dia miresaka ny "energies renouvalables" rehetra ao anatin'ity «plate forme» ity, fa tsy ny masoandro irery, ao koa ny «eolienne» sy ny «océan» ary ny "énergie hydro-électrique". Misy fikambanana hafa koa fa resaka masoandro fotsiny no ataony.

Raha tafiditra ho mpikambana ao isika dia ahoana no fomba ahafahana mamokatra angovo avy amin'ny harena ananantsika any amin'ny "énergie fossille". Izany hoe, tsy mandrara antsika hitrandraka ny angovo ananantsika ny fidirana ho mpikambana ao anatin'ny IRENA.

Marihana fa afaka miala tsy ho mpikambana ihany koa amin'ny fotoana anaovana izany fa tsy misy teritery. Anisan'ny voalaza ao anaty "statuts" izay zavatra izay.

Marihana fa manankarena amin'ny resaka "énergies renouvelables" i Madagasikara raha tsy hilaza afa-tsy ny angovo entin'ny masoandro sy ny rivotra fotsiny isika. Raha ny masoandro dia mahazo hatramin'ny 2800 ora isan-taona isika; ny rivotra kosa, eo amin'ny 6 ka hatramin'ny 11 metatra isan-tsengodra. Izany hoe, 40km/h amin'ny ankapobeny.

Misy ny tombotsoa azontsika amin'ny fidirana amin'ny fikambanana tahaka izao satria hita ao ny fizarana traikefa. Ny antony, efa manomboka amin'ny atao hoe "transition énergétique" koa isika amin'izao fotoana izao.
Amin'ireo firenena mpikambana ao amin'ny IRENA miisa 168 dia efa maro no mizotra amin'ny "transition énergétique" ihany koa.

Misy ny "renforcement des capacités" ao anatiny, anisan'ny tombotsoa ho azontsika ihany koa izany.

Farany, tsy mpamatsy vola ity «association» ity fa misy fomba ahafahany manetsika ireo mpamatsy vola mba hifantoka amin'ny resaka "énergies renouvelables" tahaka izao, toy ny «Africa 50» sy ny OFID ary ireo Banky Eoropena samihafa momba ny fampandrosoana ary ny hafa koa.

Raha fintinina, malalaka isika amin'ny fampiharana ny «politique énegétique» tiantsika hatao. Maro ihany koa ny tombotsoa ho azontsika amin'ny fidirana ao anatin'ity «association» ity amin'ny ankapobeny.

Nisaotra an'Andriamatoa Minisitra, tamin'ny fanazavana sahady nataony mikasika ny volavolan-dalàna, Andriamatoa Filoha na dia fanamarihana momba ny tatitra aloha no tokony ho natao. Azo lazaina fa efa namaly ny fanontaniana izay mety hipetraka izany.

Tsy nisy nanana fanamarihana sy fanitsiana mikasika ny tatitra intsony ka nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny momba ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2024 ny mpivory ary nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nanontany Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis hoe manome toky ve ny Governemanta fa ny fidirana amin'ity "ratification" ity dia hampihena tanteraka ny "délestage".

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa ANDRIAMOSA Benjamina Avotraina Rajaobelina, fanontaniana no napetrany. Hajanona ve ny "énergie fossile" misy eto amintsika raha hampiditra ity "énergie renouvelable" vavao ity i Madagasikara sa tsia. Naninona no tsy natao hatramin'izay izy ity raha izao no fandehany satria na ny firenena mandroso toy ireo firenena Arabo aza dia efa mivadika mampiasa zavatra hafa momba ny angovo.

Lafo dia lafo ny fiakaran'ny vidin'ny angovo eto amintsika, mahatratra hatramin'ny 20% izany, hoy Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony, ka tokony hisy fepetra horaisina satria mijaly ny vahoaka Malagasy. Raha miakatra ny vidin'ny angovo, ho very asa ny vahoaka satria handroaka mpiasa ireo orinasa goavana tsy miankina mampiasa angovo eto amintsika. Izany hoe, mila vahana izay olana izay satria tsy mety ny fandraisana fanapahan-kevitra natao.

Nahoana tokoa no tsy natao hatramin'izay izy ity. Efa nanaovana sonia ny tao Volobe, tahak'izay koa ny ao Sahofika tamin'ny taona 2017. Raha vita ireo, tsy hanana olana momba ny "délestage" sy ny halafon'ny vidim-piainana intsony isika. Nisy sonia natao koa tany "Paris" tamin'ny taona 2018, mikasika ny angovo ihany; tsy fantatra hoe inona no vokatry ny fanaovana sonia hatramin'ny isika miteny izao.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa NOURDINE Chabani, nanambara fa ilain'ny vahoaka sy iankinan'ny aim-pirenena ity volavolan-dalàna dinihana ity ka tokony holaniana. Inona no azo atao raha toa tsy ampy na tsy misy mihitsy ny angovo eto Madagasikara. Any Taolagnaro, lafo tokoa ny vidin'ny angovo ka mikaikaika ny vahoaka. Misy vahaolana azo atao hisorohana izany fiakarana izany, koa miangavy anareo ao amin'ny Minisitera hikaroka izay vahaolana izay.

Teo ampamaranana ny teniny, nambarany fa tokony hotrandrahana ny resaka angovo mba hiteraka asa ho an'ny tanora toy izay ataon'ny orinasa QMM.

Ramatoa RATSIMANDRIONA Aida Hardy kosa nanamafy ny voalazan'Andriamatoa NOURDINE Chabani, momba ny mahazava-dehibe an'ity volavolan-dalàna ity.

Nambarany koa fa nidina ifotony nijery ny "parc solaire" tany Taolagnaro ry zareo, tsy mandeha araka ny tokony ho izy anefa izany. Vokatr'izay, tena miakatra be mihitsy ny vidin'ny angovo any an-toerana. Araka ny voalazan'ny namana teo, inona no vahaolana entin'ny Minisitera hamahana izany, satria miaina ao anaty aizina tanteraka ny faritra maro any amin'ny Distrika misy anay.

Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, kosa raha nomena fitenenana, nambarany fa manana olana amin'ny fanitarana jiro ny ankamaroan'ny Fokontany ao Fianarantsoa voalohany kanefa mandoa hetra na "redevance" any amin'ny JIRAMA. Inona no antony mety mahatonga izany olana izany.

Tsy manana Talem-paritry ny Angovo ny ao Fianarantsoa, nahoana no tsy tendrenareo ao amin'ny Minisitera ny olona tokony hisahana izany satria sahirana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny tomponandraikitra sasany any an-toerana.

Nomarihany fa manana olana momba ny rano ny Distrika nahavoafidy azy. Misy ihany ny ezaka atao hamahana izany saingy tsy tafavoaka mihitsy ka mila fanampiana avy aminareo Minisitera izahay.

Inona no vahaolana maharitra mikasika ny fitrandrahana ala satria manimba ny tontolo iainana izany ka miteraka tsy fahazoana sy tsy fahampian'ny rano.

Nomarihany koa fa tsy mahatosika ny jiro “cobra” izay misy any Fianarantsoa satria 30%-n’ny hazavana ihany no sitrahan’ny vahoaka any an-toerana. Noho izany, tokony hametrahana “parc solaire” koa any an-toerana mba hampiroborobo ny fampiasam-bola ka hisian’ny fandrosoana ho an’i Fianarantsoa.

Andriamatoa MONG MANN Bismark kosa nanambara fa nisy “projet présidentiel” mikasika ny angovo natao tany amin’ny Distrikan’Ihosy, maizina tanteraka ny Kaominina Ambonivohitra ao an-toerana noho ny tsy fisian’ny jiro. Ao amin’ny Kaominina Andohan’Ilakaka, “groupe” no nampiasaina teo aloha, nosoloana “parc solaire” izany ankehitriny saingy tsy misy ny fampidinana ny vidin-jiro. Sao tokony hiantso mpandraharaha hafa hijery akaiky ny momba izany satria sahirana ny olona amin’ny resaka angovo. Arotsaka any amin’ny Kaominina ny “sur taxe” kanefa tsy misy akony amin’ny mponina izany, ka tokony hojerena ny mikasika azy.

Nanao satroka Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa ka nomena fitenenana. Nambarany fa mivaona amin’ny tokony ho izy ny fandraisana fitenenana satria mikasika ity “statuts de l’IRENA” ity no zavatra resahana. Inona no antony tsy irosoana amin’ny fandaniana amin’izay satria mandeha ny fotoana.

Miakatra tsy misy fitsaharany ny vidin-jiro any amin’ny Distrikan’Anjozorobe ka tokony hampiakarina torak’izany koa ny fari-piainan’ny mponina, hoy Andriamatoa RAZAFINTSIHOARANA Edison. Tamin’ny taona 2019, nisy ny “projet ADER” tany an-toerana izay tokony hahazoana herinaratra “3 Megawatts”, toa tsy heno intsony anefa izany. Afaka manao “intervention” momba ny “hydro solaire” sy “hydro électrique” koa ve ity IRENA ity raha mizotra soa aman-tsara sa tsia.

Andriamatoa RAZAFIHARISON Andriamantena kosa nanambara fa nandinika lalina ity volavolan-dalàna ity ny tenany ary isaorana ny fanjakana manana “projet” hanampiana ny vahoaka. Tsy ampy anefa ny tosika, ka mangataka ny fanampiana na dia iarahana amin’ny ADER aza izany.

Manana “projets” maromaro momba ny angovo Ampanihy kanefa tsy mbola natao izy ireo, koa miangavy ny hanaovana izany sady mangataka ny hahazo “parc solaire” ihany koa ny any an-toerana.

Eo anatrehan’ny tombotsoa tokony ho azo araka ny voalaza teo, mitaona ny namana mba handany ny volavolan-dalàna izahay.

Tamin’ny fandraisam-pitenenana nataon’Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier, nambarany fa ankasitrahana ity “projet de loi” ity satria hanala ny “délestage” rehefa tanteraka.

Mbola tsy manomboka ny “parc solaire” any amin’ny Distrikan’i Mandritsara ka tokony hojerena akaiky ny momba izany.

Azo eritreretina ve ny fametrahana “cuve de carburant” ahafahana miala amin’ny “délestage”.

Handany ny volavolan-dalàna izahay, hoy Andriamatoa RAPHAEL Jean François, raha nandray fitenenana satria heno teo ny tombotsoa entiny.

Amin'ny 365 andro, manana masoandro foana izahay ao Sakaraha mandritra ny 360 andro; koa noho izany, mangataka "parc solaire" tahaka ny namana teo aloha izahay.

Inona marina no tena tamberin'andraikitra omen'ny JIRAMA ny vahoaka fa maro no mikaikaika vokatry ny fahatapahan-jiro. Miteraka tsy fandriampahalemana ny tsy fisian'ny hazavana satria maty matetika ny jiro "cobra" any aminay ary nisy olona maty mihitsy vokatry ny tsy fisian'ny jiro.

Nametra-panontaniana kosa Andriamatoa MAMIHAJA Charlot hoe: inona no anjaran'ny Faritra Vatovavy rehefa vita sonia ity "statuts de l'IRENA" ity, satria mba te-hanana «parc solaire» koa izahay. Mety ve raha hafainganina ny fikarakarana ny "parc solaire" any Mananjary mba hisitrahan'ny mponina any an-toerana hazavana.

Azo atao ve ny mitarika herinaratra avy amin'ny "barrage de Namorona" hankany Mananjary fa mijaly noho fahatapahan-jiro ny vahoaka. Ny antony, azo lazaina fa akaiky ihany i Mananjary raha oharina amin'i Namorona.

Any Marolambo, adin'ny telo ihany ny jiro no mandeha. Izany hoe, tena manjaka ny "délestage", hoy Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, raha nandray fitenenana. Tsy misy ny solika hampandehan'ny "groupe", izay no olana.

Tsy misy jiro ny hopitaly any aminay, ka tokony hampidirana an'izany. Ohatra tamin'ny fahasahiranana nitranga tao no omeko: nisy zazalahy iray naratra ary nentina tany amin'ny hopitaly; maizina tanteraka ny tao ka nandaniana "gasoil" nahatratra 20 litatra ny "groupe" vao vita ny fitsaboana an'io zazalahy io. Izany no fahasahiranana ateraky ny tsy fisian'ny jiro. Izany hoe, ny "zone sensible" tahaka ny hopitaly dia tokony hisy jiro hatrany.

Tsy mbola nanomboka ny fanamboarana ny "parc solaire" any an-toerana, koa raha azo atao, aleo ny toerana saro-dàlana no atao voalohany satria raha tonga ny orana dia ho tapaka ny làlana.

Sosokevitra no aroso, rahoviana ny "barrage" vao hisy rano raha tsy manao ezaka momba ny fambolen-kazo ny firenentsika hialana amin'izao tsy fahampian'ny rano sy ny fahatapahan-jiro mahazo antsika izao.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès, nambarany fa tsy omena tsiny ny namana izay nanararaotra niresaka ny zavatra manahirana azy satria fotoana azo itarainana amin'Andriamatoa Minisitra izao.

Raha ny volavolan-dalàna indray, holaniana izany satria hitondra fivoarana ho an'ny rehetra. Taratra ao aminy ohatra ny ady atao amin'ny fahalotoan'ny rivotra, ady amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro ary ny fampandrosoana aminy lafiny maro, toy ny fahasalamana. Eo anatrehan'izany, mangataka an'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika mba hanohy hatrany ny asa fampandrosoana tahaka izao. Izany hoe, mitaona ny rehetra mba handany volavolan-dalàna izahay.

ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin, Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'Antananarivo indray no nitarika ny fivoriana teto.

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny tsangan-tànana mikasika ny hirosoana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna ny mpivory.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 54 no nanaiky ny hirosoana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Mbola nomena fitenenana indray anefa Andriamatoa JEAN Baptiste, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo mba hitondrany fanazavana bebe kokoa mikasika ity volavolan-dalàna ity, ka toy izao no nambarany:
Zava-dehibe ny sehatry ny Angovo eo amin'ny lafiny fampandrosoana raha ny marina no lazaina. Voaray avokoa ny fanontaniana rehetra napetraky ny Solombavambahoaka teo ary afaka mangataka fihaonana amiko sy ny mpiara-miasa amiko koa ny olom-boafidy mba hijerena vahaolana.

Raha tsorina, "Agence Internationale pour les Energies Renouvelables" no fiantso an'ity "association" ity. Afaka miditra amin'izany isika mba tsy ho "simple observateur" fotsiny amin'ny fampiasana ny angovo azo avaozina. Fanampin'izay, azo atao tsara ny mihaona amin'ny mpamatsy vola rehefa "ratifié" ity volavolan-dalàna ity.

Raha mikasika ny fananantsika angovo, tsy manakana ny fitrandrahana "énergies fossiles" izay ananantsika mihitsy. Marihana etoana, fa azo lazaina hoe ananana traikefa ny mikasika ny "énergies fossiles" satria nandritra ny 28 taona no nisahananay izany sehatra izany. Fanampin'izay, tsy misakana ny politika ampiharintsika momba ny fampiasana angovo azo avaozina ny "statuts" voalazan'ny IRENA. Izany hoe, azontsika atao ny manohy ny tetikasa Sahofika sy Volobe satria ilaina ny fahazoana angovo avy amin'ireo toerana ireo saingy tsy mahatosika loatra ny tanjany, ka izay no itadiavana vahaolana.

Mikasika ny angovo azo avy amin'ny rano, ny fihenan'ny fatran'ny rano no mahatonga ny "énergie hydraulique" tsy maharaka ny filàna ho an'ny mpanjifa. Miovaova koa ny toetr'andro amin'izao fotoana izao; tsapa fa mihamalefaka ny taratry ny masoandro ka izay no antony tsy isitrahana 100%-n'ny "énergie solaire" ankehitriny. Eo anatrehan'izay, tsy maintsy mila fotoana maharitra ny fanatanterahana ny "grand projet" toy ny ao Sahofika sy Volobe vao tontosa. Izany hoe, 5 na 6 taona eo ho eo ny fe-potoana anaovana ny fanadihadiana.

Mikasika ny "parc solaire" izay maro mpangataka teo, antoky ny fampandrosoana tokoa ny fananana izany ka hatao ny ezaka rehetra hanatsarana ny efa misy satria tokony hahatratra "2000 Megawatts" ny tanjaka ilaina amin'ny fahazoana angovo. Mbola tsy tratra anefa ny tanjona satria mbola 700 hatramin'ny "750 Megawatts" no misy amin'izao fotoana izao. Raha ny marina, tsy maintsy mitady "1500 Megawatts" koa isika mba hahazoana angovo azo ampiasaina sy tsy hanahirana ny mpanjifa intsony.
Eo andanin'izay, hojerena akaiky koa ny "capacité technique"-n'ny JIRAMA satria tokony hamokatra intelo avo heny izy amin'ny filàna herinaratra izao vao mety tsy hisy intsony ny fahatapahan-jiro. Ny tanjona amin'izany, tokony hahatratra 75 hatramin'ny 80% ny "énergie de pointe" hovokarina.

Mikasika ireo indostria lehibe kosa, maro tokoa izy ireo no misedra fatiantoka noho ny tsy fahampian'ny angovo satria mihena ny vokatra vokariny, ka atahorana ny hisian'ny fandroahana mpiasa. Tsy maintsy mijery vahaolana mifanandrify amin'izay anefa isika mba tsy hahatongavana amin'izany.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fanontaniana napetrany no namaranan'Andriamatoa Minisitra ny teniny sady nambarany koa fa misokatra ho an'ny olom-boafidy ny toeram-piasany.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2024 tamin'ny 13 Jona 2024 2024 «autorisant la ratification des statuts de l'IRENA (Agence Internationale pour les Energies Renouvelables)» ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa 2 ny volavolan-dalàna. Araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy azo kitihana ny andininy ao anaty volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana azy.

Amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao, hoy Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena koa no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 53 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fanemorana -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2024 tamin'ny 13 Jona 2024 2024 «autorisant la ratification des statuts de l'Agence Internationale pour les Energies Renouvelables (IRENA)».

Rehefa izany, nomena fitenenana Andriamtoa JEAN Baptiste, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo, raha misy teny tiany hambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka no nataon'Andriamtoa Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna ary nambarany fa misy tombotsoa maro sitrahan'ny firenena Malagasy ny fidirana amin'ity fikambanana ity. Anisan'izany ny fahazoana fiofanana, ny fifanakalozana traikefa, indrindra ny fahazoana mitrandraka ny harena azo avaozina efa ananantsika satria tsy misakana izany ity fifanarahana ity.

Nohamafisiny fa misokatra ho an'ny Solombavambahoaka rehetra ny varavaran'ny Minisitera iandraiketany.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitra tamin'ny teny nataony koa no nasetrin'Andriamatoa Mpitarika fivoriana izany ary nambarany fa hiroso amin'ny lahadinika manaraka ny mpivory.
Izany hoe, fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Autonomisation et de Résilience des filles en Afrique

de l'Est (PI 79293)-East Africa Girls'Empowerment and Resilience Program (EAGER), conclu le 13 octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra mikasika ny volavolan-dalàna, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal no nanatontosa izany, ka toy izao ny fivakiny:

Nivory ny Alarobia 23 Oktobra 2024 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Vaomieran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Firaisankina, nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'Autonomisation et de Résilience des Filles en Afrique de l'Est (PI79293)-East Africa Girls'Empowerment and Resilence Program (EAGER)», conclu le 13 Octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany;
1. RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
2. RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal
3. RABY SAVATSARAH Ain Harimanga Gabrielle
4. MAMIRIANA Jolce
5. RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny
6. RAJAOBELONA Lova Herizo
7. MONNG MANN Bismark
8. RAZAFINIMARO Désiré
9. RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
10. RAKOTOMALALA Miarintsoa

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny ny Vaomieran'ny Fanabeazam-pirenena tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany;
1. ANDRIANASOLO Andriniaina Jean Patrick
2. RAFANONIAINA Haja Rivolala Elysée Théodore
3. RAZAFINDRAKOTO Victor
4. RAVELONASY Barthélemy Samuel

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Firaisankina tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany;
1. MONNG MANN Bismark
2. RAZANAMANDIMBISOA Tantely

3. RAFANONIAINA Haja Rivolala Elysée Théodore
4. RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol
5. FREYDIER Michael
6. RAVELONASY Barthélemy Samuel

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta:
Ramatoa sy Andriamatoa isany;

| | | |
|---|---|---|
| 1. | ROBSON Patricia | SG/MEN |
| 2. | RANOSY Eliane | DGES/MEN |
| 3. | SENDRADILIFERA E. | COORDOVFP/MEN |
| 4. | ANDRIANANDALANA Telesphore D. | Point Focal Projet MEN |
| 5. | RANAIVOMANANA Aina | UFP/MEN |
| 6. | RASAMIMAkANA Ioby | MEF/DGT/DDP |
| 7. | RAHARINIAINA Nambinintsoa F. | MEF/DGT/DDP |
| 8. | RAKOTOSOLONIAINA Verohanitra | MEF/DGT/DDP |
| 9. | RAZAFINDRABE Haingo M. | MEF/DGT/DDP |
| 10. | RASOLONIRIANA Hobisoa J. | FID |
| 11. | RAZAKATOANINA Achile | FID |
| 12. | RABOANARY Vero | FID |
| 13. | RAZAFINDRATOVO Falison | FID |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana avy amin'ny Governemanta ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mikasika ny volavolan-dalàna.

Nanazava ny teknisiana fa betsaka ny tahan'ny zazavavy miala an-daharana any an-tsekoly noho ny antony fahantrana sy ny fanambadiana ary ny fiterahana aloha loatra. Voakasik'izany ireo zazavavy 10 ka hatramin'ny 17 taona; na izany aza, tafiditra ato anatin'ity tetikasa ity ihany koa ireo vehivavy 18 ka hatramin'ny 35 taona.

Ny tanjon'ny tetikasa dia hanampy ireo vehivavy hijanona any an-tsekoly sy hamerina ireo efa niala an-daharana. Natao ihany koa izy ity mba hampiakarana ny fari-pahalalana entin'ny sokajin'ireo vehivavy ireo miatrika ny fiainany ho avy.

Ahitana singa miisa efatra ity tetikasa ity mba hanatanterahana izany tanjona izany, ka anisan'izany:

- Ny singa voalohany mikasika ny fampiroboroboana ny "capital humain" izay miresaka ny fitazonana ny zazavavy any an-tsekoly sy ny fametrahana toerana azo antoka ho an'ny zazavavy tsy mianatra. Ho fanatanterahana izany dia hisy ny fanomezana tohana ara-panabeazana sy vatsim-pianarana ho an'ny zazavavy miisa 142 500 amin'ny Faritra 16 mandritra ny 4 taona. Hisy ihany koa ny fanaraha-maso zazavavy miisa 1 389 manomboka any amin'ny kilasy faha-6 ka hatramin'ny kilasy faha-8, ka CISCO miisa 48 no hofehezin'izany.

Eo ihany koa ny fametrahana ny toerana voatokana ho fikarakarana ireo zazavavy mianatra mba hijanona any ampianarana ary ho an'ireo niala an-daharana mba hiverina any an-tsekoly. Ireo tsy nianatra mba hahazo fiofanana arak'asa.

Hita ao anatin'ity singa ity ihany koa ny fampidirana ny fanabeazana ara-pananahana any an-tsekoly mba hiadiana amin'ny fiterahana aloha loatra.

- Ny singa faharoa dia miresaka ny fanamorana ny fahazoana asa ho an'ny vehivavy ka hisy tantsoroka sy fiofanana maro samihafa hositrahan'izy ireo. Hisy ihany koa ny fanampiana ireo tovovavy any an-tsekoly hisehatra amin'ny tontolon'ny asa. Hisy ihany koa ny fampianarana azy ireo mba hahafahany miasa tena, ka vehivavy miisa 7 500 no hahazo tosika na "subvention" avy amin'ity tetikasa ity.

- Ny singa fahatelo dia miresaka ny fananganana fiaraha-monina mahasoa ho an'ny fahaleovantenan'ny vehivavy. Ao anatin'izany ny fitaizana ara-politika sy ara-barotra. Eo ihany koa ny fametrahana ny "plateforme de connaissances EAGER".

- Ny singa fahaefatra dia mikasika ny fitantanana ny tetikasa.

Nambaran'izy ireo tamin'izany, fa ity volavolan-dalàna ity dia mikasika ny findramam-bola mitentina 135 600 000 DTS na 180 000 000 Dolara Amerikana na 790 201 800 000 Ariary izay averina ao anatin'ny 50 taona, ka ny 10 taona voalohany amin'izany dia tsy andoavana renivola. Ny tahan-janabola sy ny "commission de service" dia 0% raha toa 0,5% ny "commission d'engagement" farany ambony; 6 taona no faharetan'ny tetikasa izay hifarana ny 30 Jona 2029, ka ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny FID no mitantana izany.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

<u>FANAMARIHANA:</u>

- Tokony tsy hasarotina ny pitsopitsony amin'ny fanatanterahana ny tetikasa mba hisitrahan'ny vahoaka mivantana ny vola izay nindramina;
- Amin'ny maha mpisitraka ny tetikasa ny Faritra Atsimo Atsinanana dia tokony hojerena manokana ny hisitrahan'ny Distrikan'i Vangaindrano sy Befotaka Atsimo izany;
- Tokony homena sehatra amin'ny fanatanterahana ny tetikasa ny olom-boafidy eny ifotony, toy ny Solombavambahoaka sy ny Ben'ny Tanàna;
- Tokony hojerena manokana ny fanatanterahana ny tetikasa mba hipaka any amin'ny vahoaka mivantana izany ka tsy hisy kolikoly sy kiantranoantrano.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

<u>FANONTANIANA SY VALINY:</u>

**1- Maninona no Faritra 16 ihany no voakasik'ity tetikasa ity kanefa ny vola indramina dia mahavita ny Faritra 23.**

Ny Faritra 23 eto Madagasikara dia hisitraka ny tetikasa avokoa, fa Faritra 16 izay ahitana vehivavy miisa 142 500 dia hahazo vatsim-pianarana.

**2- Ahoana no fomba nentina nisafidianana ireo Faritra voakasik'ity tetikasa ity.**

Betsaka ireo fomba nentina namaritana ireo Faritra tokony hisitraka ity tetikasa ity, ka anisan'izany ny famaritana ny taham-pifindrana na "taux de promotion" ka izay ambany indrindra no natao laharam-pahamehana. Eo koa ny tahan'ny fialana an-tsekoly ho an'ireo zazavavy ka izay ambony indrindra no nosafidiana.

**3- Matetika ny asa tanterahan'ireo "prestataire" izay ampiasain'ny FID dia tsy mahafapo. Misy ve ny "audit" tanterahina sy sazy ampiharin'ny FID amin'izany.**

Misy ny "audit" anatiny sy ivelany izay ataon'ny FID, ka tapahana avy hatrany ny fifanarahana amin'ireo "prestataire" izay tsy nahazoana vokatra manaraka ny fenitra.

**4- Misy "mesures d'accompagnements" hafa ve ankoatran'ny fanentanana atao amin'ity tetikasa ity.**

Ankoatran'ny fanentanana atao amin'ireo ankizy vavy misitraka ny tetikasa dia misy ihany koa ny fanentanana hatao amin'ireo Ray aman-dReny niteraka sy ireo Ray aman-dReny mpitaiza, ny olom-boafidy eny ifotony ary ireo manam-pahefana manodidina rehetra.

**5- Ny taona 2023 dia nilaza ny avy amin'ny sampana ao amin'ny Fanjakana misahana ny trosan'ny Firenena Malagasy, fa tsy hihoatra ny 60%-n'ny PIB ny trosan'i Madagasikara. Tsy hampitombo izany indray ve ny fisian'ity findramam-bola vaovao ity.**

Ny taona 2023 dia nahatratra 40%-n'ny PIB ny tahan'ny trosan'i Madagasikara any ivelany. Amin'ity taona 2024 ity dia 34,81%-n'ny PIB no tahan'ny trosan'i Madagasikara, taha tamin'ny faran'ny volana Jona 2024 ka tsy hahatratra ny 60% izany.

**6- Misy tetibola voatokana hanamboarana fotodrafitrasa toy ny CEG ve ao anatin'ity tetikasa ity.**

Amin'ity tetikasa ity dia tsy misy vola natokana ho fananganana fotodrafitrasa fa efa misy tetikasa hafa misahana izany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fankatoavana ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'Autonomisation et de Résilience des Filles en Afrique de l'Est (PI79293)-East Africa Girls'empowerment and Resilence Program (EAGER)», conclu le 13 Octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)» ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'Autonomisation et de Résilience des Filles en Afrique de l'Est (PI79293)-East Africa Girls'empowerment and Resilence Program (EAGER)», conclu le 13 Octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny fanitsiana na fanamarihana momba ny tatitra ny mpivory. Avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny solotenan'ny Governemanta raha misy izany.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana ny tatitra ny mpivory ka avy hatrany dia nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nanambara Andriamatoa NOURDINE Chabani, fa resaka mikasika vehivavy ity volavolan-dalàna ity. Noho izany, tokony homena asa sahaza azy ny vehivavy feno taona mba tsy hiankin-doha be loatra amin'ny lehilahy. Ny tsy ampy taona sy izay nitsoaka an-daharana tany an-tsekoly ary ny mbola mianatra kosa, rariny raha mba omena fanampiana ara-dalàna mba hahavitany tena any aoriana any.

Taorian'izay, nomena fitenenana avy hatrany, Ramatoa SAHONDRARIMALALA Marie Michelle, Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, ka fankasitrahana ny asa vitan'ny Vaomiera no nataony ary fiarahabana manokana ihany koa ny Solombavambahoaka miisa 3 misolo toerana ireo Solombavambahoaka voatendry ho mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa BEFENO Todimanana Hyachinthe, nambarany fa nahoana no vehivavy 10 ka hatramin'ny 35 taona ihany no misitraka ity tetikasa ity.
Inona no antony tsy anomezana fiofanana arak'asa ny vehivavy 20 ka hatramin'ny 35 taona mba hahazoany miatrika ny fiainany sy tsy hiankinany amin'ny lehilahy.

Tsy mazava loatra ny famaritana ny atao hoe "taux de promotion" ao amin'ny pejy faha-5, ka tokony hohazavaina bebe kokoa.

Andriamatoa BARINIAINA Fidy kosa nanontany hoe inona no fepetra tokony hahazoan'ireo vehivavy miisa 7500 tosika na "subvention" araka ny voalaza ao amin'ny pejy faha-3. Mitovy amin'ny fizarana tosika fameno ve ny fomba hanaovana azy sa manao ahoana.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, nanambara fa mahay mitady vola tokoa Ramatoa Minisitra mba hoentina hitsinjovana ny vehivavy sy ny mpianatra, ka isaorana azy izany.
Maro ny tombotsoa ho azon'ny firenena sy ny vehivavy raha ity volavolan-dalàna ity no jerena, koa aleo laniana avy hatrany fa tsy tokony hisy fanontaniana hapetraka intsony.

Nanao satroka Andriamatoa ANDRIAMOSA Benjamina Avotraina Rajaobelina Mary Thomasson ka nomena fitenenana. Zava-dehibe ny adihevitra hoy ny tenany ka tsy tokony hotampenam-bava ny Solombavambahoaka. Findramam-bola mitentina 700 Miliara Ariary no hatao ka tsy mety raha tsy maneho hevitra ary tsarovy fa mandritry ny 50 taona no handoavana ity findramam-bola ity, ka aleo hazava ny momba azy vao holaniana raha azo atao.

Rehefa izany, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa afaka manatona an-dRamatoa Minisitra ny Solombavambahoaka raha manana resaka hafa tiana hatao aminy, fa aleo aloha hifantoka amin'ny fandinihana ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna ny Solombavambahoaka.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 53 no nanaiky ny hirosoana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa BEFENO Todimanana Hyachinthe ary nanambara fa nisy fanontaniana napetrany kanefa tsy nahazoana valiny.

Efa lany tamin'ny tsangan-tànana natao teo ny hirosoana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra, ka tsy tokony hiverenana ny momba izany, hoy Andriamatoa RAZAFIHARISON Andriamanantena, tamin'ny satroka nataony.

Rehefa tsy nisy Solombavambahoaka nandray fitenenana intsony, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2024 ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa 2 ny volavolan-dalàna. Araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fandaniana fifanarahana tahaka izao, tsy azo kitihana ny andininy ao anaty volavolan-dalàna, fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana azy.

Ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena koa no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 53 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fanemorana -

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Autonomisation et de Résilience des Filles en Afrique de l'Est (PI 79293)-East Africa Girls'Empowerment and Resilience Program (EAGER)», conclu le 13 octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Taorian'ny fandaniana ny volavolan-dalàna, nomena fitenenana Ramatoa SAHONDRARIMALALA Marie Michelle, Minisitry ny Fanabeazam-pirenena raha toa mbola misy teny tiany hambara.

Fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka no nataony noho ny fahalanian'ny volavolan-dalàna natolotry ny Minisitera iandraiketany.

Mbola nanampy fanazavana mikasika ny volavolan-dalàna ihany koa ny tenany ary nomarihany fa raha nandalo fianarana ny antsasamanilan'ny vehivavy eto Madagasikara dia mahay mitantana avokoa ary tsy hisy ny fahantrana eto amintsika satria mahavita mitaiza ny zanany izy ireo.

Tsy ny Minisitera iandraiketanay irery no voakasika amin'ity volavolan-dalàna ity fa ao koa ny Departemanta hafa satria misy fiaraha-miasa ao anatiny. Ohatra amin'izany ny Minisiteran'ny Mponina, ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, ny Minisiteran'ny Lalàna Sosialy sy ny Asam-panjakana, ny Minisiteran'ny Fitsarana ary ny Minisiteran'ny Varotra.

Samy resy lahatra na ny Banky Iraisam-pirenena na ireo Minisitera voalaza teo ireo, fa vavahady tokana mankany amin'ny fampandrosoana ny fanabeazana ity fifanarahana ity. Izay no antony nisafidianana ny Minisiteran'ny Fanabezam-pirenena hitantana ny fandaharan'asa. Isaorana ihany koa ny FID satria tafiditra ao anatiny izy.

Mety hisy ny zavatra tsy hahafapo eny ifotony ka hanara-maso akaiky ny Minisitera ary ny FID no "agence d'éxecution" amin'izy ity hanatanteraka ny zavatra takian'ny Malagasy satria volam-bahoaka no hampiasaina.
Ao anaty «plan de mise en œuvre»-n'ny tetikasa ihany koa ny femetrahana ny mangarahara mba tsy hivily làlana ny vola hampiasaina.

Manana olana ny "caisse école", indrindra any Ambanivohitra; ka hametraka mpanara-maso ny Minisitera hisorohana izany, toy ny fananganana vaomiera manokana.

Mila tazonina hianatra ny zaza, indrindra ny vehivavy eo anelanelan'ny 10 hatramin'ny 17 taona. Omena tohana ny zaza sy ny Ray aman-dReny mba tsy ho sakana amin'ny fidirana an-tsekoly satria ny fahantrana no antony tsy mampiditra ny zaza any andakilasy.

Misy ihany ny andian'ny mpiantra tokony hiverina any an-tsekoly ho an'izay nitsoaka an-daharana mba tsy hibirioka amin'ny làlana tsy izy. Izany hoe, entanina ny Ray aman-dReny hamerina ny zanany any ampianarana. Izay no atao hoe" back to school". Omena "cash transfert" ireo Ray aman-dReny manana olana ara-bola amin'ny fampidirana mpianatra mba hitarihana ny zanany hiverina any ampianarana.

Ny andiany farany hisitraka fanampiana dia vehivavy eo anelanelan'ny 18 ka hatramin'ny 35 taona izay homena fiofanana arak'asa mba hahafahan'izy ireo miatrika ny ho aviny ka tsy hiankin-doha amin'ny lehilahy hatrany. Iarahana amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana ara-Teknika sy ny Fanofanana arak'Asa izany fanofanana izany.

Momba ny hoe, Faritra miisa 16 no hisitraka ny tetikasa. Misy ny sivana teknika izay antsoina hoe "taux de promotion" ijerena ny taha farany ambany amin'ny ankizy vavy mianatra dia izay no noraisina. Tahaka izany koa, aiza ny toerana ahitana zazavavy bevohoka betsaka indrindra. Izay farany ambony indray no noraisina satria ny vohoka aloha loatra dia anisan'ny mampahantra. Marihana, fa azo ovaina ny Faritra misitraka ny tetikasa rehefa tanterahana ny "document de projet". Hiady mafy ny Minisitera mba samy hisitraka daholo ny Faritra rehetra eto amintsika.

Ekena fa miara-miasa amin'ny FID isika; na izany aza, tsy avela hanao izay tiany hatao izy fa hisy fanaraha-maso hataon'ny Minisitera sy ny tomponandraikitra samihafa ary izay tian'ny vahoaka no tokony hotanterahany.

Teo ampamaranana ny teniny, nambarany fa misokatra ho an'ny Solombavambahoaka rehetra ny varavaran'ny Minisitera iandraiketany fa saingy ny maraina ihany no ahitana azy ankoatry ny fandehanany manao "mission".

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ka ny Alatsinainy 28 Oktobra 2024 sy ny Talata 29 Oktobra 2024, manomboka amin'ny 8 ora sy 30 minitra, maraina, hatao ny "orientation des nouveaux élus" ato amin'ny «salle des séances». Ny Alarobia 30 Oktobra 2024 sy ny Alakamisy 31 Oktobra 2024 manomboka amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny "forum parlementaire de la SADC" ato amin'ny «salle des séances» ihany no hatao.

Niato tamin'ny 1 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

**NY FILOHA**

**TOKELY Justin**